Tranga hafakely

# Mpamongady lasa nitsindroka zaoridira 6


NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 24 jolay 2018 Laharana 792 Vidiny : 400 Ar


**Matio 22: 29** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an' izao tontolo izao


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


Fiziriziriann'ny ministra HVM 3

# Mbola mikatso ny fampianarana sy ny ladoany



Miarinarivo, Arivonimamo 3 8

# Nirohotra nanatona an-dRavalo ny vahoaka



**CUA** 2

## Voafantina nahazo vola 100 000 euros avy amin'ny AIMF



**Adin'ny mpivady** 6

## Nahafaty ny zanak'izy ireo 7 volana

**Tranga** 6

## Voasambotra ilay nisandoka ho Administrateur

**TIM- Boriboritany V** 3

## Vonona amin'ny fifidianana ny 7 novambara izao

**Daka kely**

Manomboka vaky ny sambon'ialahy Raforce a, lasa koa i Pôly a !

Lefitry ny ben'ny tanànan'Iarivo 3

## Misokatra amin'ny rehetra ny kianjan'ny 13 mey



CUA

# Voafantina nahazo vola 100 000 euros avy amin'ny AIMF



Vola mitentina 100 000 euros na 400 000 Tapitrisa Ar eo no azon'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) avy amin' ny AIMF na ny Fikambanana Iraisam-pirenena momba ny Francophonie, hanatanterahana tetikasa fandrindram-piainam-pianakaviana eto an-drenivohitra. Nanao AMI na Appel à Manifestation d'Intérêt ny AIMF mahakasika an'izany tamin'ireo tanàn-dehibe maro eto amin'izao tontolo izao, toy ny taty Afrika ka nahazo izany tetikasa ny CUA rehefa natao ny fifantenana taty Afrika. Manatanteraka atrikasa ho famoahana izany vola izany ankehitriny etsy amin'ny Lapan' ny tanàna Analakely ny iraka avy amin'ny AIMF, amin'ny alalan'ny fiadidian'ny tanànan'i Paris any Frantsa, ahitana delegasiona avy amin'ny renivohitra Frantsay, nirahan'ny ben'ny tanànan'i Paris, Anne Hidalgo. Hahazo izao tetikasa amin'ny fandrindram-piainam-pianakaviana avy amin'ny AIMF sy ny tanànan'i Paris izao ny vehivavy amin'ny faritra iva amin'ny Boriboritany 4 eto Antananarivo Renivohitra dia ny ao amin'ny Boriboritany faha-4, faha-2, faha-3 ary ny Boriboritany voalohany, hitantana izany ireo toeram-pitsaboana na CSB II an'ny CUA amin'ireo Boriboritany ireo. Misy ny fandraisan'anjaran'ny CUA amin'ny tetibola amin'io tetikasa io dia ny 20%-n'izany, ny ambiny kosa dia avy amin'ny AIMF sy ny tanànan'i Paris. Ankoatra ny fanaovana atrikasa miaraka amin'ny tompon' andraikitry ny CUA misahana ny raharaha sosialy sy ny fahasalamana na ny DAS sy ny BMH, misy ny fidinana ifotony amin'ireo toerana iva ataon'ireo delegasiona avy any ivelany ireto, izay ahitana andRamatoa isany Anaïs Mit tompon'andraikitra ara-diplaomatika ho an'i Afrika sy ny Ranomasimbe Indiana ao amin' ny tanànan'i Paris; Valérie Ledour misahana ny fiaroavana ny reny sy ny zaza ao amin'ny tanànan'i Paris, ary Christine Mauget, avy amin'ny hetsika Frantsay momba ny fandrindram-piainam-pianakaviana.

***Isambilo***

Liva avy amin'ny KMFB

# Ny olom-piangonana ihany no atokisan'ny olona hahavaha ny olana

Iaraha-mahafantatra fa misedra olana goavana ary miaina ao anatin' izany ny firenena Malagasy sy ny vahoakany ankehitriny, noho ny fanahiniana sy fanapotehana ary tsy fahaiza-mitantana nataon'ny mpitondra fanjakana ankehitriny. Samy miezaka ny mitady vahaolana ialana amin'izany avokoa ny olom-pirenena maro, na olo-tsotra, na mpanao pôlitika, na mpitondra fanjakana, sns... Ho an'ity farany, dia ny fanatanterahana ny fifidianana amin'ity taona 2018 ity , izay hatao ao anatin'ny fahavaratra sy ny tsy fahandriampahalemana hono no mety araka ny hevitr'izy ireo. Etsy ankilany anefa dia maro ihany koa ny fanehoan-kevitra avy amin' ny olon-tsotra sy mpanao pôlitika, izay mitaky ny hanaovana ny Dinika Fanorenana Ifotony alohan'ny hirosoana amin' izany fifidianana izany. Ny malagasy samy malagasy tsy tsabahan'ny vahiny no hifandinika hitady izay tena vahaolana marina ho an'ny fireneny, izay mitondra mankany amin'ny fampandrosoana sy ny fahaleovantena marina no mafy orina. Ho an'Andriamatoa Liva mitarika ny KMFB, dia samy ilaina avokoa ary hirosoana ny dinika ifotony sy ny fifidianana, kanefa mialoha ireo, dia tsara indrindra raha dinihana ny Fampihavanana eo amin'ny samy malagasy. Sarotra tokoa mantsy no inoana fa ho afaka miroso amin'izany dinika fanorenana ifotony sy fifidianana izany raha toa ka mbola vahoaka tsy manam-pitiavana, feno fifankahalana sy lolompo no hoe hitady vahaolana ho an'ny firenena izany. Mila mifankatia sy mifamela isika mba hahatongavana amin'izany firenena vanona izany. Didy ary asa avy amin' Andriamanitra ny fampihavanana. Izany indrindra no mahatonga ny KMFB hiantso ny FFKM, na ireo olom-piangonana handray andraikitra sy hanohy ny fampihavanana izay efa natombony ny taona 2001. Ny fiangonana no solontenan'Andriamanitra afaka hanatanteraka izany asa izany hoy Andriamatoa Liva. Ny FFKM ihany koa dia manana ireo ondriny marobe manerana ny Nosy. Noho izany, dia Ray aman-dReny sady toteny amin'ny vahoaka malagasy izy ireo, ka tokony hijoro sy ho sahy handray izany andraikitra masina sy sarobidy ho an'ny firenena malagasy izany. Manome toky ihany koa ny KMFB fa tsy hamela azy ireo ho irery fa hanohana azy ireo hatramin'ny farany amin'izany adidy masina izany amin'ny alalan'ny fanentanana sy fandresen-dahatra ny vahoaka mba hametrahana ny FFKM eo amin'izany toerana hitarika ny fampihavanana zany.

***Nangonin'Isambilo***

Za Gasy Toamasina

# Nametraka ny Vovonan'ny Faritra Mizakatena

Notanterahina ny sabotsy 21 jolay teo, tao amin'ny Bateau Ivre Toamasina ilay "Dinika narahan'ady Hevitra ho amin' ny fametrahana ny Vovonan'ny Faritra Mizakatena", notarihan'ny fikambanana Za Gasy tantanan' Andriamatoa Ratiharison Jean Navandahy. Voaresaka tamin' izany ny momba ireo zavatra laharam-pahamehana sy iankinan'ny aim-bahoaka aty amin'ny faritra, ny lafiny fahasalamana, fampianarana, ary ireo resaka fiahiana ara-tsosialy ny mponina sy ny ady amin'ny kolikoly sns,.... Notsipihiny mazava fa miainga avy amin'ny fanajana ny soa




*Ireo mpitarika ny fikambanana Za Gasy.*

toavina maha malagasy ny fampandrosoana. Betsaka ireo tangalamena sy ny solontenam-pikambanana avy eto Toamasina tonga nanamely ny fanasan'ny Fikambanana Za Gasy. Sady fotoana iray koa izao nametrahana ity Vovonan'ny Faritra Mizakatena ity, mba hahafahana miala amin'ireo sakana rehetra hita fa tsy mampandroso an'i Madagasikara. Teny fanevan'ny Za'Gasy ny hoe "Teny ierana no dina , teny nomena no didy aman'andraikitra. Ary ny soa no ho toavina". Momba ny olana iainan'ny firenena ankehitriny dia nambaran'izy ireo fa tsy mifanaraka amin'ny tsenan'ny asa ny fomba fampianarana sy fanabeazana eto Madagasikara, mila kitihina koa hoy izy ny lalàna mahakasika ny fitrandrahana harena ankibon'ny tany. Amafisina ihany koa ny tohana ho an'ny mpamboly, satria 80% ny malagasy dia tantsaha avokoa. Ireo rehetra mikasa hilatsaka ho fidiana amina toerana iray dia tokony ho voafatotry ny fampanantenana nataony. Tokony hatao lohalaharana ny fisitrahan'ny rehetra ny fahasalamana ary atao maimaimpoana ny vonjy aina eny amin'ireo hopitalim-panjakana. Taorian'ny tany Toliara dia teto Toamasina no nandray ity atrikasa fametrahana faritra Mizakatena ity. Fantatra fa mbola hitohy izany any amin'ireo faritra maro eto Madagasikara.

***Fanja Aina***

## Ny Valosoa sy fakafaka

# Fotoana ilàna Mpitondra mahay miloloha rano roa siny izao

Ao anatin'ny safotofoton-drivotra politika tanteraka ny firenena amin'izao fotoana izao. Safotofoto izay toa iniana atao mba hahafanina ny vahoaka tsy haharaka intsony ny raharaha maro atsy sy eroa izay ilàna fanazavana sy ny fiafaràny. Iniana odiana fanina ve dia hosaronana mangingina ary hivalona no tanjona amin'izany mba tsy hisy ny arakaraka amin'izay mety ho voakitikitika sy voarohirohy? Tsy miendrika fanosihosena sy fanaovana tsinontsinona ny vahoaka Malagasy tsotra izao ve izany? Ezahina fatratra ihany koa izay hampisafotofoto ny raharaham-pirenena mba tsy hifantoka amin'ny fidangan'ny vidim-piainana sy ny olana ara-tsosialy mafy manapotika azy andro aman'alina ny vahoaka. Samy mandrirotra ny sain'ny vahoaka avokoa ireo rehetra ireo ary tsy hita mazava intsony izay lalana marina tokony hizoran'ny firenena. Eny, fa na dia hambara ombieny ombieny aza fa hiroso amin'ny fifidianana ny firenena, ary izay no ifotoran'ny governemanta Ntsay Christian mafy ankehitriny, dia mbola misy mandrirotra hampibanjina amin-javatra hafa indray izany. Iray lehibe amin'izany ny resaka ny fanovana ifotony. Sehatra iray lehibe izay mitaky toe-tsaina sahy miroso amin'ny " revolisiona ". Sao dia ho familivilian-dresaka sy misy ambadika ihany koa izany satria efa nisy mpanao politika iray nitarika an'io tany amin'ny fotoanan'ny tetezamita tany sy tamin'ny fotoanan'ny fifidianana filoham-pirenena kanefa izy io toa tsy ao anatin'ity resaka ity. Olona izay tsy nihevitra izany, iray amin'izany ny olon'ny fitondrana sy ny filohan'ny Repoblika, sy ny ekipany no mivoy izany tato ho ato araka ny fahitan'ny mpanara-baovao azy.

Aoka re ny maika amin'ny vahoaka aloha no hovahana haingana dia haingana fa maty ny vahoaka amin'izao mangitsogitsoka amin'ny olana ara-tsosialy izao. Tsy lavina, ny fifidianana ilaina ary fanajàna ny lalampanorenana izany, fa hahavaha ao anatin'ny fotoana fohy ny olam-bahoaka ve ny fanatanterahana azy? Tsy olana ve ny olona matin'ny hanoanana sy ny fahantrana lalina, fa fifidianana aloha no maika? Sao dia miditra amin'ny disadisa sy krizy ara-poltika indray koa aorian'izany? Raha mpitondra mahay sy feno fahendrena, dia atao miara-dalana ireo, ny fifidianana sy ny famahana ny olana ara-tsosialim-bahoaka, fa tsy hoe atao miandry ity farany, dia izay voafidim-bahoaka lany eo manatanteraka ny asa. Resaka adala ny hoe aleo hatao ny fifidianana fa mijaly loatra ny vahoaka. Resaka tsy mandeha amin'izay laoniny izany. Tsy fahaizana mitondra firenena izany. Ary rehefa mpitondra eo amin'ny fahefana ankehitriny tsy mahay izany dia tokony hiala hametra-pialàna, fa tsy ilain'ny vahoaka. Tena izao mihitsy no fotoana ilàna Mpitondra mahay miloloha rano roa siny.

***Sôh'son***

## TONONKALO

# Tsy mahalala menatra ...

Tsy mahalala menatra ry hery vaovao
Fa miaina anaty kongona , parasy , kalalao.
Ny fividianana olona no tena kilalaony.
Rehefa zava-dratsy , tsy nisy tsy nataony.

Rajao no tsy nanaja ireo didy sy lalàna,
Kinanjo dia i Solo no indro nodakàna.
Fa fitsarana avo "manondrana" ny antsika,
Kanefa dia izany ny an-dry zoky Erika.

Ny ngeza samy ngeza no indreo mifamosavy,
Ka maizina tanteraka ny ampitso sy ny ho avy.
Mandeha ny teti-dratsy sy resaka tsy marina,
Afafy toy ny fasika ny vola nangalarina.

Atao ny sakantsakana laroina faminganana,
F'izay no mahazatra mialoha ny fifidianana.
Tsy zava-mahagaga ny zava-toy izao,
Fa fomba amam-panaon-dry hery vaovao.

***DADAN'i ZINA (24-07-18)***

Ny Valosoa sy hadihady

# Fiziriririan'ny ministra HVM : mikatso ny fampianarana sy ny ladoany

Betsaka ny fitokonana fitakiana ny tombontsoa izay heverina fa ara-drariny sy hitsiny natao'ny sendika isan-tokony na fikambanan'ny mpianatra eny amin'ny ambaratonga ambony tato anatin'izao Repoblika IV izao. Arakaraky ny hery sy firaisankin'ny mpitokona anefa no nampahomby sy na nampilefitra ny fitondrana na tsia. Tsara tsiahivina amin'izany ny fitokonan'ny sendikan'ny mpandraharaha ny fonja sy ny mpiraki-draharahan'ny fitsarana ary ny sendikan'ny mpitsara. Ny an'ny voalohany dia tena nisy tokoa ny firaisan-kina ary tsy nisy namadika ireo mpitokona ka sy maintsy nilefitra ny fitondrana. Tsy azo lavina ihany koa fa zava-doza no nitranga raha toa ka tandrevaka ny fiambenana ny fonja satria ny tsy fandriampahalemana efa manerana ny Firenena kanefa raha sanatria ka tafavoaka ny gadra dia tsy hifankahitana intsony teto. Ny an'ny faharoa indray dia nisy ireo mpiraki-draharahan'ny fitsarana no tsy nanaraka ny fifampifehezan'ny sendika ka niverina niasa. Tsy mahagaga loatra izany eto amin'ity Firenena ity satria misy hatrany ireo baikon'ny fitiavan-tena sy jamban'ny fanambazana ataon'ny manampahefana. Marina fa toa nahatsiaro sahirana tokoa izay nanana raharaha teny amin'ny fitsarana tamin'ireny fotoana ireny kanefa kosa matoa mitokona ny mpiasa dia efa mihàtra aman'aina ny toe-javatra. Angamba mety ho nanana « conscience professionnelle » sy fahalalahelovana ny mpiarabelona ireo niverina niasa kanefa ankoatry ny fanambazana dia miara-migoka izay vokatra azo avy amin'ny fitakiana irey mpiasa ireny. Raha tena fitserana sy fitiavana ny olona nanan-draharaha teny amin'ny fitsarana tokoa izy ireo dia tokony tsy mandray akory izay vokatra azo avy amin'ny tolona. Ho an'ny sendikan'ny mpitsara indray dia, angamba, tsy mbola tratra ny tanjona saingy mbola maneho firaisankina amin'ireo sendika mbola mitolona izy hatramin'izao. Raha ny fikambanan'ny mpianatra eny amin'ny anjerimanontolo izay matetika tokoa momba ny vatsim-pianarana na ny tsy fahalavorarian'ny toeram-ponenana no votoatin'ny fitokonana dia saika miafara amin'ny fifandonana amin'ny mpitandro filaminana sy fisamborana ny hetsika. Mahagaga ihany koa fa misy tamin'ireo mpitarika ny fitokonana tany aloha no lasa mpanapempo sy mpanakivy ireo zandriny mba mitaky ny zony amin'izao fotoana izao. Matetika koa ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka eny amin'ny fampianarana ambaratonga ambony no mitokona sy mitaky ny ora fanampiny tsy nefain'ny fitondrana kanefa toa zary mitoka-monina ka tsy mba manatevin-daharana sy manohana ny fitakian'ny sendika sasany. Telo volana izao no nihetsika ny sendikan'ny mpampianatra ao amin'ny minisiteran'ny fanabeazana noho ny karama tsy mifanaraka amin'ny vesatry ny vidim-piainana sy ny tabin-karama hofantrano raisiny izay tsy misy ampaharivon'ny hofantrano mendrika azy ireo akory. Nanampy trotraka ny fitakiana ihany koa ny fialàn'ny minisitra vaovao voatendry ao amin'ny governemanta Ntsay Christian. Manontany tena ny ankamaroan'ny mpiasa momba ny fisin'ny sendika fito ambinifolo (17) ao anatin'ny minisiteran'ny fanabeazam-pirenena. Amin'ny ankapobeny dia ny antoko politika no manangana sendika (Fisema, Fisemare, Serema,...) ka avy amin'ny antoko iza izay mijoro ankehitriny avy ireo sendika ireo. Tsy mahataitra loatra raha mivaky roa ny tolon'ny mpampianatra amin'izao fotoana izao. Matoa nanao sonia ny fifanarahana hiverenana mampianatra teny amin'ny primatiora-Mahazoarivo, ny valo amin'ny fito ambinifolo dia tsy noho ny fitsinjovana loatra ny mpianatra sy falahelovana ny ray aman-drenin'ny mpianatra fa fitiavan-kely sy noho ny fanarahan-dia izay nisintaka tamin'ny tolona ho an'ny fanovana sy ny fanohanana ny fitondrana. Manaporofo izany ny fahasahian'ny manana ny fahefana hanapaka ny karaman'izay mbola mitokona. Manana fahamatorana sy mijoro tsy azo hozongozonina amin'ny fitakiana ny sendika sivy ka tsy hihemotra sy tsy hanaiky lembenana satria rariny sy hitsiny ary risika ho fanatsarana ny fampianarana ny fanomezana fahafahampo amin'ny fitakiana. Mampiharihary ny fahalemeny ny mpitondra raha mbola sahy mandefa herim-pamoretana handrava izay mitokona. Tsy mihemotra ihany koa ny sendikan'ny mpiasa ao amin'ny sampan-draharahan'ny hetra sy ny sendikan'ny mpiasan'ny fadintseranana na ladoany. Miparitaka ny feo fa ny eto an-drenivohitra ihany no mitokona. Fomba fiadin'ny mpitondra hatrany izany entina handemena ny sain'ny mpiasa sasany miroharoha saina sy hanaratsiana ny mpitokona eo imason'ny mpiray Firenena. Azo inoana fa tsy ho tahaka ireo sendika mpamadika ny mpiray vatsy aminy ireo sendikan'ny mpampianatra mijoro hatramin'ny farany sy ny sendikan'ny hetra sy ny fadintseranana ireo. Na izany na tsy izany, mikatso aloha ny fampianarana sy ladoany ary ny sampan-draharahan'ny hetra hatreto, io dia manerana ny Nosy mihitsy.

**_Andry Tsiavalona_**

TIM- Boriboritany V

## Vonona amin'ny fifidianana ny 7 novambara izao

Nanao fihaonambe voalohany teny Anosiavaratra Antananarivo Avaradrano ny faran'ny herinandro teo ny avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara na ny TIM ao amin'ny Boriboritany faha-5 eto Antananarivo Renivohitra. Izany dia fanetsehana ny fototra nataon'ny avy amin'ity antoko ity ho fiomanana amin'ny fifidianana ny 7 novambra ho avy izao, no sady fitsangatsanganana sy fialamboly koa ho an'izy ireo. Solontena miisa 50 avy, avy amin'ny fokontany miisa 27 ao amin'ny Boriboritany faha-5 no niatrika izany, izany hoe teo amin'ny mpikatroka miisa 1500 teo. Nanome voninahitra ny fotoana tamin'izany ny Filoha lefitra nasionalin'ny antoko Tim avy amin'ny Faritanin'Antananarivo sady senatoran'i Madagasikara, Ramatoa Olga Ramalason, ny Filohan'ny Filan-kevitry ny tanànan'Antananari vo, izay sady mponina ao amin'ny Boriboritany faha-5, kolonely Faustin Andriambahoaka, ny mpandrindra ny antoko ao amin'ity Boriboritany ity sady mpanolotsaina ny tanànan'Antananarivo Fetra Razafitsimialona. Ny tanjona tamin'izao hetsika teny Anosiavaratra izao koa dia fampivondronana ny avy amin'ny antoko TIM sy ny KMMR 2018 na ny Komity Mpanohana an'i Marc Ravalomanana amin'ity taona 2018 ity. Mpirahalahy mianala kosa ny TIM sy ny KMMR 2018 hoy ny filohan'ity komity ity, Constant Raveloson, hanohana ny Filoha Marc Ravalomanana ny KMMR 2018 amin'ny fifidianana, ao




aorian'izaany fifidianana izany anefa hoy izy dia tsy handrotsaka olona amin'ny fifidianana na inona na inona ny KMMR 2018.

**_Isambilo_**

Lefitry ny ben'ny tanànan'larivo

## Misokatra amin'ny rehetra ny kianjan'ny 13 mey

Nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety omaly ny lefitra voalohan'ny ben'ny tanànan'Antananarivo, kolonely Emilien Ramboasalama mahakasika ny hetsika hataon'ny HFI n any Hetsika ho amin'ny Fanarenana Ifotony anio etsy amin'ny kianjan'ny 13 mey Analakely. Nambarany tamin'izany fa mbola tsy nisy aloha fangatahana fahazoan-dalana napetrak'ireo hanao fihetsiketsehana, ny Préfet de Police no tena manome alalana ny amin'izany hoy izy, fa na izany na tsy izany, misokatra ho an'ny rehetra ny Parvis na ny kianjan'ny 13 mey, raha ny hevitry ny avy ao amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA). Momba ity raharaha, nilaza ny avy amin'ny HFI fa tsy mila maka fahazoan-dalana izany izy ireo satria fanehoan-kevitra toy ny an'ny rehetra teo amin'ny kianjan'ny 13 mey tato ho ato ihany no ataon'izy ireo.

**_Isambilo_**

NY TENY FIAINANA

*I Timoty 1:14*

*Fa be indrindra ny fahasoavan'ny Tompontsika tamin'ny finoana sy ny fitiavana, izay ao amin'i Kristy Jesosy.*

MIARINARIVO, ARIVONIMAMO

## Nirohotra nanatona an-dRavalo hatrany ny vahoaka

Nitsidika ny tany amin'ny faritr'Itasy iny ny faran'ny herinandro teo ny Filoha Nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), Marc Ravalomanana, izay sady filoha ny komity fankalazana ny faha-50 taonan'ny Fiangonan'i Jesoa Kristy eto Madagasikara na ny FJKM. Na hetsika ara-pinoana aza no tena nifantohan'ny dian'ny Filoha Marc Ravalomanana tany Miarinarivo renivohitry ny faritr'Itasy, sy tao Arivonimamo, nisy hatrany ny fihaonany tamin'ny vahoaka, tamin'izany teny andalana. Tsapa fa nirohotra nanatona an'i Dada hatrany ny vahoaka marobe tamin'ireo toerana nolalovany ireo. Nitondra ny hetahetany tamin'ny Filoha Marc Ravalomanana izy ireo tamin'izany, nilaza sy nanambara fa hitondra vahaolana amin'izany i Dada amin'ny fotoana maha mety azy, voaray avokoa ireny fitarainana amin'ny fahasahiranan'ny mponina ankehitriny ireny hoy izy.

**_Isambilo_**

facebook NY VALOSOA VAOVAO

## Tsy maintsy ho tratra farany eo ihany Rajao, ny olona efa miala tsikelikely avokoa

**Arp Helisoa** : efa niteny aho aloha fa ho tratra farany eo ianao Prezida Rajao, hialan 'ny olona rehefa lany ny paiso ankady.

**Andry Marodera** : nalazo ny ravina nihinanana.

**Jean Luc Dofa** : MAPME.

**Florent Rafila** : betsaka ny resaka nande toy ny hoe, anaovan'ny filohan'ny antoko toera-tsy zaka ireo mpikambana HVM, maro ny niala fa tsy nanao fanambarana, ka tsy hay hoe niala ho azy sa nesorina.

**Rasolo Cla** : dir campagne tezeve io t@ gagar dia vetivety eo dir campagne Hvm dia hitady vola @ iza indray? Salobok' homana be koa zato izy.

**Apollinaire Rakotondrasoa** : dia ahoana izany.

**Roger Razanakoto** : hiditra mapar indray ?

**Mamisoa Randrinantoandro** : Sakaizan'ny mpandresy ny ankamaroan'ny mpanao politika.

**Noro Ramanoarison Rafidison** : itony anisan'ny olona teo @ fitondrana tsy nitady ny hampandroso ny firenena fa ny tanjona dia ny hanan-karena amin'ny politik fotsiny ihany.

**Fara Lalao Leondaris** : tokony ho efa ela no niala !!!

**Soalahatse Nambinina** : efa tsy avotra intsony Rajao, na inona na inona ataony, na inona na inona tokanany eo !

**Eric Rasolofo** : Rajao efa tsy izy intsony, ilay zandrikely mpanongam-panjakana koa mbola toy izany ihany, satria efa namotika firenena.

**Hortence Rasoazanany** : na inona na inona lazaina, ho vitan'ny Filoha Marc Ravalomanana 1er tour io fifidianana filoham-pirenena ho avy io, tsy hisy 2èm tour izany io fifidianana io. Zandrikely, hijery spectacle maimaimpoana no mahabetsaka ny olona manatrika ny famoriam-bahoaka ataony, any amin'ny faritra any. Ho tapaka lalan-drà iny amin'ny fifidianana ho avy eo.

FARITRA BOENY

# Ilaina fiaraha- miasa amin'ny rehetra ny ady atao amin'ny SIDA

Entina hanamafisana ny ady atao amin'ny fihanakin'ny tsimok'aretina VIH/SIDA sy mba hanamafisana ny fanentanana atao momba ity areti-mandoza ity dia nototontosaina tany Mahajanga ny fanaraha-maso iraisana mahakasika indrindra ny aretina IST VIH SIDA ny herinandro teo. Mba hahatomombana ny fanaraha-maso dia nizara vondrona telo ireo tompon'andraikitra avy ao amin'ny fahasalamana sy ireo mpisehatra amin'ny ady atao amin' ny VIH/SIDA. Nisy ny vondrona izay nifantoka indrindra tamin'ny resaka fiarovana. Tao ihany koa ny niompana tamin'ny fanentanana ary


*Ny lehiben'ny Faritra Boegny nanentana momba ny ady amin'ny areti-mandoza Sida.*

ny fahatelo farany dia nahitana ireo mpandray an-tânana ireo olo mitondra ny tsimok'aretina. Izany no natao dia mba hahafahana mijery sy manao tatitra ny zavamisy marina eo anivon' ny faritra Boeny momba ity aretina IST/SIDA ity. Nivoitra ary nandritry ny efatra andro fa miisa 501 ny olona voamarina fa mitondra ny tsimok'aretina VIH/SIDA ao anivon'ny faritra. 122 ireo voatily ary nahitana ny tsimok'aretina tao anatin'ny telo volana voalohany tamin'ity taona ity. 277 amin'izy ireo ihany no manaraka fitsaboana amin'ny alalan'ny ARV na ny Anti-Retro- Viraux. Ny 198 kosa dia tsy hita popoka. Marihina fa ireo MSM (Man have sex with Man), ireo mpampanofa tena sy ireo mpitsindrona zava-mahadomelina no maro an'isa amin'izy ireo. Mampihorin-koditra ny tarehimarika ka manao antso avo ny Lehiben'ny Faritra Boeny Saïd Ahamad Jaffar manoloana izao toejavatra izao. « Tsy anavahana antokon'olona fa an'ny rehetra ny ady atao amin'ny VIH/SIDA koa aoka ho samy tompon'andraikitra ny tsirairay na eo amin'ny sehatra miankina na ny tsy miankina amin'ny fanjakana izany », hoy izy nandritra ny lahateniny. Manana vina ny avy ao amin'ny ONU/SIDA ny tsy haha- olana intsony ny tsimok'aretina VIH/SIDA amin'ny taona 2030. Ka mba hahatongavana amin'izany tanjona izany dia mila mitandrina sy mandray andraikitra ny tsirairay.

***Aly***

Fampianarana ambony

# Ho lasa lavitra ny mpianatra ao amin'ny IESA- V Vakinankaratra

Nanatanteraka varavarana misokatra ho an'ny rehetra tao amin'ny Centre Karen Caren Vakinankaratra, ka ny mpianatra avy ao amin'ny IESA-V, izay rantsan'ny Oniversiten'Antananarivo no nanantotosa izany ny tamin'ity volana Jolay ity. Nampiranty ireo zavatra noratoviny sy ny fahaizany nandritra ny taom-pianarana, ka hita taratra fa ho lasa lavitra ny fikarohana sy ny famoronana vitan'ny ankamaroan'izy ireo. Tonga nanokatra izany tamin'ny fomba ofisialy ny solontena avy ao amin'ny Faritra Vakinankartara, izay notarihan-dRamatoa Ramahandriarivo Fanja DAGT, nambarany tamin'izany fa manana tombony ny Faritra Vakinankaratra amin'ny fisiana sekoly ambony tahaka itony izay isan'ny mampandroso sy mitondra fivoarana ho an'ny tanora eto Vakinankaratra araka ny nambaran-dRamatoa Ramahandriarivo Fanja tale miadidy ny lafitany eto Antsirabe. Niatrika izany koa ny tale avy any amin'ny ministeran'ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiantifika. Tsara ny manamarika fa herin-tsain'ireto ankizy ireto avokoa ny zavatra nampirantiana teto. Maherin'ny 20 ny tetik'asa hita amin'izany. Marihana fa voka-pikarohan' ny mpianatra taona faha-3 ao amin'ny sampana « Automatisme - électronique Informatique Industrielle » izao hampirantiana eto izao, izany dia tena nampitolagaga ireo manam-pahaizana tonga nitsidika teto. Tsy mijanona ho fampirantiana ihany anefa ny hetsika fa natao ihany koa itadiavana fiarahamiasa amin'ireo liana amin'izany araka ny nambaran-dRamatoa Ranaivosoa Mamitiana Lalaonirina Olivette (Responsable de la Mention Automatisme et Informatique). Amin'izao fotoana izao dia 150 ny isan'ny mpianatra ao amin'ity sampana « Automatisme Electronique Informatique Industrielle » ity ary tsy io sampana io ihany no hita ao amin'ny IESA-V fa mbola misy ny azo isafidianana. Araka ny fanazavana azo hatrany dia mbola manahosarotra tokoa an'ireo mpianatra eo amin'ny famatsiam-bola hoentina mampihodinana ity sampana ity, ka manao antso avo mba hanao tolo- tanana avy amin'ny malala tanana izy ireo fa indrindra amin'ireo ambaratogam-pahefana.

***Lezama***

Toamasina

# Nanomboka ny herinandro teo ny Tournoi ASIEF

Efa nanomboka tamin' iny herinandro iny ny tournoi, na ireo lalao rehetra ao anatin'ilay sehatra ara-panatanjahantena ho an'ny asam-panjakana na ASIEF: Association sportive Interministerielle pour l'entretien des fonctionnaires. Teto Toamasina niatrika manontolo ireo lalao nandritra ny sabotsy teo, ny filoha nasionaly Andrianarison Jean Aimé na i John Love. Tsikaritra tokoa ny fahavitrihan'ireo mpiasam-panjakana nandritra ireo fihaonana samihafa, toy izay nisy ny sabotsy teo, ohatra: natao tao amin'ny terrain Basket foyer social Canada: ny kaominina ambonivohitra CUT nifanehitra tamin'ny ENAP na ny fandraharahana ny Fonja, ka nahazo vokatra 59 no ho 57; ny police nandrombaka ny fandre-



sena teo anatrehan-dry zareo SRSP na ny avy ao amin'ny fitantanambola tamin'ny isa 62 no ho 28. Teo amin'ny lehilahy, ny fiadidiana ny fahasalamana Santé nandresy ny Trans Spat tamin'ny isa 51 no ho 49. Teo amin'ny vehivavy kosa ny Santé ihany nandresy ny Trans Spat tamin'ny 36 no ho 33. Ny miaramila sy ny zandary nandresy ny Mine an-dry zareo minisitera ny harena ankibon'ny tany tamin'ny isa 55 no ho 18. Nisy lalao baolina kitra koa natao tamin'io, natao tao amin'ny kianjan'ny CEG Ratsimilaho, ka nandresen'ny APMF an-dry zareo mpiasan'ny fahasalamana tamin'ny isa 1 no ho 0. Toy izay koa ny Trésor nandresy ny Faritra Atsinanana tamin'ny isa 1 no ho 0. Nanao sahala 1 sy 1 kosa ny fiadidiana ny fonja Drap/Enap sy ny Miaramila sy zandary. Tsiahivina fa io tamin'ny sabotsy io no andro fahatelo nanombohan'ny tournoi ASIEF Toamasina. Nambaran'ny filoha John Love, fa efa manomboka ny azy avokoa ny faritra rehetra ankehitriny, ary nanafarany fa natao ahafahan'ny mpiasampanjakana mitaiza vatana ara-panatanjahantena ny hetsika nokarakaraina manerana ny nosy ity. I Toamasina rahateo koa no hampiantrano izany fihaonambe izany amin'ity taona ity.

***Fanja Aina***

## Sakafo Ny Valosoa



Saosisy sy anamamy indray no laoka eto amin'ny gazetinao androany. Mety avokoa ion a saosisy aamin'ny henomby na amin'ny hanakisoa. Tsara raha hasiana lasary voatabia sy ro matsatso anana miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny soa azo avy amin'ny lohana mananasy



Rehefa mihinana mananasy isika dia tsy maintsy ariana foana ny lohan'ilay mananasy nefa aza adino fa tena misy asany izy ireny. Raha manana olana ara-fadim-bolana ianao vehivavy ka tsy mandeha ara-potoana izany dia araho tsara ity torohevitra mahasoa eto ambany ity. Ireo akora ilaina : lohan'ny mananasy mbola manta iray fotsiny , rano 3 litatra. Fomba fikarakarana azy : sasana madio tsara ny lohan'ny mananasy dia tetehina madinika izay itiavanao azy, rehefa vita izay dia ataovy ao anaty vilany efa madio ilay lohan'ny mananasy efa voatetika ary tapohy rano 3 litatra ary ampangotrahy eny ambony afo mandritra ny 10 minitra na 15 minitra, izay vao ahidina ilay vilany. Fomba fampiasana azy : sotroina indray vera maraina sy hariva aorian'ny avy misakafo avokoa izany ary efa rano matimaty iny no tena tsara sotroina ka mandritra ny herinandro no hanaovana izany. Andramo fa tena mandeha amin'ny tokony ho izy amin'izay ny fadimbolanao ry vehivavy.

## NY VALOSOA sy Mahavariana

### Ny tanànan'i Maevatanana renivohitry ny faritra Betsiboka

Ny tanànan'i Maevatanana renivohitry ny faritra Betsiboka indray no Mahavariana sy Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Anisan'ny faritra be volamena eto Madagasikara i Maevatanana, volamena izay alaina sy sivanin'ny mponina amin'ny reniranon'i Betsiboka sy Ikopa izay mandalo manodidina ity tanàna ity. Amin'ny RN4 na ny lalampirenena faha-4 no misy azy. Izy dia renivohitry ny faritra izay ahitana ny distrikan'i Maevatanana, Tsaratanana, ary Kandreho.



## Matio 22: 29

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao

***Matio 22: 29 "Mahadiso hevitra anareo ny tsy fahafantaranareo ny Soratra Masina na ny HERIKO JEHOVAH."***

Ry mponin'ny tany o! efa hatrany am-piandohan'ny famoronana nataoko no niezaka mafy I losifera hanao izay tsy hahalalan'ny olombelona AHY JEHOVAH hoe : Iza moa AHO? Niezaka izy nilaza amin'ny olona fa azy izao tontolo izao, mahay ny zavatra rehetra izy. Lainga avokoa ireny. Sarotra aminareo olombelona ny manao ny marina izay avy AMIKO fa mora amin'ny olombelona kosa ny manatanteraka lainga, na asa io, na teny io, na fikasana sy fanaovana. Tsy mahatohatra ny asan'io losifera io ianareo raha tsy manana ny FANAHIKO ao anatinareo sy miaina amin'ny Teniko izay Masina. Betsaka no isehoan'I losifera fa marina izy, mba mahay koa izy, manao fahagagana izy, manasitrana izy. (Efa fantatrareo ve ny teny raha tsy mahay mihaino AHY ianareo, manjary I losifera no rain'izay mihaino azy fa tsy IZAHO JEHOVAH Ilay namorona izao tontolo izao sy ny mponina eo aminy). Hoy ny teny raha toa ka tsy mino na tsy mihaino izay lazaiko JEHOVAH ianareo, Matio 22: 29, Jaona 8 : 44-45. Ianareo avy amin'ny devoly rainareo, ka izay sitraky ny rainareo no tianareo atao. Izao an! izy dia mpamono olona hatramin'ny taloha, ary tsy mitoetra tamin'ny marina, satria tsy misy marina aminy. Raha mandainga izy dia ny azy no lazainy satria mpandainga izy sady rain'ny lainga. Satria milaza ny marina AHO dia tsy inoanareo. I losifera dia rain'ny lainga. Tandremo ary fa raha vao mandainga ianao dia zanak'I losifera. IZAHO JEHOVAH dia Rain'ny Fahamarinana. Izay manao ny marina dia zanako JEHOVAH, Jaona 10: 10. Raha misy ny te- hitady fiainana tsara sy mendrika, mahasoa, mety sady maharitra mandrakizay dia tsy misy mahasahy miteny izany raha tsy JESOSY irery ihany. Ianareo olombelona dia mitovy avokoa, samy natao hikatsaka AZY sy ho tia AZY, hanankina ny fiainanareo AMINY. Ny tsy fahalalanareo ny FAHAMARINANA sy ny SORATRA MASINA no mahadiso hevitra anareo. Ny olombelona rehetra dia nataoko JEHOVAH mitovy avokoa, samy nomeko fahaizana, fahalalana, fahendrena, fitiavana, finoana, fanantenana, hery, tanjaka, fahasalamana sns... Ary IZAHO irery no manome FAHEFANA an'I JESOSY hizara sy hanome izany indray ho an'izay tia AZY sy manaiky AZY. Mampalahelo AHY JEHOVAH anefa ny ZAVA-MISY ankehitriny fa mitoky amin'ny olombelona tahaka azy ny olona sady mangataka izay irin'ny fo mba hahatsara ny fiainany, iavahany amin'ny hafa fa tsy misy toa azy. Ireny no atao hoe OLONA VOAFITAKA. Hoy ny Teniko Jeremia 17:5a "Ho voaozona izay olona matoky olona". Izao no zavamiafina ambarako aminao, I losifera tsy mahay fahagagana izany na manome famantarana koa, lainga mandrakariva ny azy. Tsy fantatry ny olona ny atao hoe : FAMANTARANA sy FAHAGAGANA. IZAHO JEHOVAH dia mifidy mpanompo mba hanatanterahako izany asa lehibe izany. Ireo teny anankiroa ireo dia tsy misaraka, izany no hahalalana fa avy AMIKO. Ireto misy santionany vitsivitsy mba tsy ho voafitaka ianareo. TSY MAINTSY MIARAKA IZY ROROA : ny FAHAGAGANA hita amin'ny TANY AMBANY fa ny FAMANTARANA kosa ety amin'ny LANITRA AMBONY. Ny FAMANTARANA tiako hambara dia toy ny " **afo, rano, rahona, tselatra, feo, kintana, volana, masoandro, bolantany, hazavana, aizina**, sns..." Vakio ny tantaran'I Mosesy raha nadeha izy ireo nandritry ny efapolo taona dia nanao fahagagana AHO teo amin'ny tany ary tsy niala teo ambony ny andri-afo ary ny andri-rahona teo ambony.Tamin'ny andron'I Josoa dia nandresy ireo mpanjaka dimy izy sy ny mpanafika niaraka taminy, Josoa 10: 3. Nandritry ny ady nifanaovan'ny Amorita sy ny zanak'Israely dia nisy famantarana lehibe teny amin'ny lanitra fa nijanona teo afovoan'ny lanitra nandritry ny indray andro maninjitra ny masoandro, Josoa 12: 12-13. Indro tamin'ny fotoana nahaterahan'I JESOSY Zanako Izay ho FAMONJEKO ho an'izao tontolo izao, virjiny no niteraka AZY, ary ny Fanahy Masina no tonga tao aminy, ny HERY IZAY AVO INDRINDRA no nanaloka azy ary dia Masina Ilay Nateraka. Moa tsy fahagagana va izany? Fa rehefa teraka Ilay Zaza Masina dia kintana no famantarana tety ambony. Fantatrao ve ny momban'I Saoly sy ny tantarany rehefa niova ho Kristiana izy? Indro izy nandalo ny lalana akaikin'I Damaskosy ka nahita mazava avy taty an-danitra nanelatselatra tampoka nanodidina azy, lavo tamin'ny tany izy sady nandre feo nanao hoe : Saoly, Saoly, nahoana ianao no manenjika AHY? JESOSY io nanontany azy io. Dia hoy I Saoly : fa iza moa ianao Tompoko? Hoy JESOSY : IZAHO no JESOSY IZAY enjehinao. I Saoly mantsy ilay olona nifofo, namono sy nandrahona fahafatesana izay olona nanaraka ny fampianarana mikasika an'I JESOSY. Ny fahagagana teo amin'ny tany niaraka tamin'ilay fahazavana dia tsy nahita I Saoly nandritra ny 3 andro, Asan'ny Apostoly 9: 7-9. Tsy mahagaga va izany? JESOSY rehefa nohomboana tamin'ny hazo fijaliana ka maty, niaraka tamin'ireo fahagagana marobe, toy ny lamba triatra nizara roa tao amin'ny Tempoly ary tamin'ny ora fahenina dia tonga maizina ny tany rehetra, izany no famantarana niaraka taminy. Ary dia ho hitanareo ny famantarana ety amin'ny lanitra ambony toy ny "afo manoratra, tselatra mifandrambondrambo avy atsinanana miankandrefana ary ilay KINTANA tamin'ny andro nahaterahan'I JESOSY, hivoaka fanindroany indray io KINTANA io. Miaraka amin'izany ny fahagagana eo amin'ny tany dia ilay Fifohazam-panahy Lehibe sady Farany, fotoam-pihavanana, fibebahana, fifaliana. Ireto misy zavatra ho avy, diniho tsara aiza ny firenena misy anao fa hahavery hevitra ny zava-misy hambarako manaraka...

Amen!

HALELOIA! JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

(mbola hitohy)

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:
Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao : mivoaka Talata sy Asabotsy

## FER Vakinankaratra

# Nahazo teti-bola 1 miliara ny faritra

Lalana mirefy 387 km no vinavinaina hasiam-panamboarana aty Vakinankaratra, io ampahany io ihany koa no ananan'ny kaominina maro tombontsoa iraisana. Vola mitentina Iray miliara Ariary no natokan'ny FER na ny « Fonds d'Entretien Routier » ho an'ny Faritra Vakinankaratra ho fikojakojana ny lalana aty amin'ny Faritra iray manontolo. Napetraka ireo lalana izay ananan'ny kaominina mifanolo-bodirindrina tombontsoa iraisana no laharam-pahamehana amin'ny fanatanterahana ny asa. Efa nisy arak'izany ny fivoriana savaranonando niarahana tamin'ny Faritra Vakinankaratra, izay notarihin'ny lehiben'ny Faritra ny jeneraly Rakotonarivo William, ny tompon'andraikitra avy ao amin'ny FER nahitana an-dRamatoa Raparson Sarah, « Responsable Administratif et Financier », ny talem-paritry ny asa vaventy aty an-toerana, ary ireo Ben'ny tanàna tato anatin'ny Faritra. Efa nisy ihany koa ireo fangatahana nataon'ny ben'ny tanàna maro ho amin'izay fanamboarandalana izay. Manoloana izany dia ny avy ao amin'ny faritra ihany koa dia efa nandinika ireo fangatahana maro samihafa ary efa mahita ireo ampahan-dalana maro izay maro mpahazo tombontsoa ary hisy fiantraikany amin'ny fampandrosoana tanteraka. Taorian'ny fivoriana natao ny fiandohan'ny volana jolay niarahana tamin'ny foibem-paritry ny asa vaventy, ny faritra sy ny FER ary ireo ben'ny tanàna dia efa nisy ny tatitra sy vinavinan'asa noraiketina ary nalefa any anivon'ny FER. Eo ampiandrasana ny valiny isika ankehitriny. Tsara ny manamarika fa ny tetibola amin'ity « tahiry ho an'ny fikojakojana ny lalana ity » dia tsy mandalo eo anivon'ny Faritra fa avy hatrany dia any amin'ny kaominina hanatanterahana ny asa. Hitondra fanantenana ho an'ny vahoaka eo amin'ny famoaham-bokatra ny fiandrandrana ny fahazoana izao tohana avy amin'ny fanjakana ho amin'ny fanamboaran-dalana izao.



*Ireo tompon'andraikitry ny faritra sy ny FER tany Antsirabe.*

***Lezama***

## Alaotra Mangoro

# Tsara ny vokatra ho an'ny taranja fototra atletisma

Azo lazaina fa tsara raha ny vokatra azon'ny atletan'Alaotra Mangoro nandritry ny fiadiana izay ho tompondakan'i Madagasikara teo amin'ny taranja fototra atletisma farany teo. Medaly miisa 19 no azon'ireo mpikatroka ka ny 07 tamin'ireo no medaly volamena raha toa ka niisa 05 ny volafotsy ary ny 07 ambiny kosa medaly alimo. Nambaran'ny Filohan'ny ligim-paritry ny taranja fototra atletisma aty Alaotra Mangoro Rakotondramarolaza Jean Rodrigue fa namokatra tokoa isika raha ny tamin'ity fifaninanana notontosaina ny faran'ny herinandro lasa teo ity. Ny taranja fototra athletisma rahateo dia isan'ny taranjam-panatanjahantena ankafizin' ny tanora aty Alaotra Mangoro ary efa nitondra avo ny voninahitry ny faritra hatrany hatramin'izay ka hatramin'izao. Efa nisy ihany koa ny athleta avy aty Alaotra no nisolo tena an'i Madagasikara tany ivelany tamin'ity taona ity. Nanambara ny Filohan'ny ligim-paritra Rakotondramarolaza Jean Rodrigue fa hisy hatrany ny hetsika izay ho entina hanamafisana ny traikefan'ireo mpikatroka izay tsy hanavahana fa ireo athleta rehetra ato anatin'ny ligy dia tafiditra ao anatin'izany avokoa.

***Raoul***

## Fanabeazana politika

# Voambolana politika Frantsay-Malagasy

**Immobilisme** : tsy mihetsika.

**Immunité diplomatique** : Aro ananan'ny diplômaty rehefa mivahiny na miasa ivelan'ny tany niaviany.

**Immunité parlementaire** : Satan'ny solombavambahoaka entina iarovana azy rehefa eo am-panantanterahina ny asany izy. Ny an'ny depiote frantsay dia voasoritra ao amin'ny laharana faha 26 ao amin'ny Lalampanorenana izany.

**Impact (image)** : Fiantefany (amin'ny serasera), vokatry na ny fiantefany any amin'ny olona notiliana.

**impératif ( mandat)** : Ny mandat imperatif dia famerana ny iraka nomena an'ireo olomboafidy. Ny depiote lany mandritra ny fe-potoana iray dia tsy maintsy manantanteraka ny baikon'ny mpifidy azy sy ny antoko nanolotra azy. Ny depiote dia depioten'ny faritra fa tsy depioten'ny firenena. Any Frantsa, dia voararan'ny làlana ny mandat imperatif.

**Impérialisme** : Fanjakazakana tany avy amin'ny sehatra ekonomika asetrin'ny firenena matanjaka. Misy fiantraikany amin'ny lafiny maro eo amin'ny firenena madinika ny imperialisma. Ny fahaverezan'ny fiandrianam-pirenena, ny fanitsakitsahana ny kolontsaina izay miteraka ny fahaverezan'ny maha izy azy.

**Impôt** : Hetra

**Inamovibilité** : tsy mihetsika amin'ny toeram-piasany.

**Incompatibilité** : interdiction faite à un individu de cumuler un mandat politique avec certaines fonctions publiques ou privées. Tsy fahafan'ny olona mampivady asam-panjakana amin'ny asa azo avy amin'ny fifidianana na asa hafa. Teto Madagasikara, tamin'ny Repoblika voalohany ny mpiasam-panjakana sy ny olomboafidy dia afaka manana asa na andraikitra samihafa. Torak'izany ny any Frantsa. Ankehitriny dia voafetran'ny lalàna ny fampivadiana asa ho an'ny mpiasam-panjakana.

**Inconstitutionnel** : tsy mifanaraka amin'ny lalam-panorenana.

**Indépendance (pays)** : Fahaleovantenam-pirenena. Nahazo ny fahaleovantenany i Etazonia tamin'ny 1793 rehefa avy niady tamin'ny anglisy mpanjanaka. Ny sambo frantsay no nanampy azy ireo tamin'izany. Tamin'ny 26 Jona 1960 no nahazo ny fahaleovantena i Madagasikara.

**Indivisibilité( république)** : Tsy afahana mizarazara ny tanin'ny Repoblika.

***Fetra Ramamonjy***

AMPATANA-ANTSIRABE

## Adin'ny mpivady, nahafatesany ny zanany 7 volana

Sendra izay mpivady tanora mbola zaza saina angamba fa dia namoizana ny menaky ny aina ny ady lava nifanaovan'izy roa, ary niafara tamin'ny figadrana mihitsy aza izany tao Antsirabe. Ny herinandro teo no nitrangan' izany tao akaikin'ny abatoara Antsirabe, ka raha ny fitantaran'i Andry, anadahin'ilay vehivavy dia niady nivady toy ny fanaony ny anabaviny sy ny vadiny, ka efa tsy nahataitra ny olona intsony izany. Gaga anefa izy ireo fa tokony ho tamin'ny 9 ora alina dia nidododo tao amin'ny ray aman-dreniny ilay zazavavy nilaza fa "vonjeo fa maty ny zanako". Rehefa novohaina ny trano araka ny nambaran'ity anadahin'ilay zazavavy dia hitan'izy ireo tokoa fa naratra teo amin'ny lohany ilay zazavavy kely vao 7 volana monja ary nisy ratra ihany koa tamin'ny vatan'ilay lehilahy. Nambaran'ity anadahiny ity fa efa mpiady lava izy mivady ireo, izay vao 18 taona monja razazavavy ary vao 21 taona monja razazalahy, ary ny loza dia tia mandray zavamaranitra izy ireo rehefa miady. Io alina io dia nentina teny amin'ny hopitaly ilay zaza saingy tsy tana ny ainy ny alin' ny Alarobia lasa teo. Ny marainan'ny alakamisy dia nentin'ny fokonolona teny amin'ny polisy izy mivady ary notanana vonjimaika. Voalaza fa ilay dadan'ilay zaza no saika ho tsindron'ilay vadiny antsy saingy niantefa teo amin'ny lohan' ilay zaza ny antsy ka nitarika izao fahafatesany izao. Amin'izao fotoana dia tanana am-ponja vonjimaika izy roa kely ireto ka asa izay hahazo azy satria ilay ramatoa no tena nanindrona antsy ilay vadiny, izay niantefa tany amin'ny lohan'ilay zaza io.

***Lezama***

Tranga

## Voasambotra ilay nisandoka ho Administrateur

Nody ventiny ny rano natsakaina, ho an'ny polisim-pirenena ao amin' ny boriborintany voalohany Toamasina, tarihan' ny kaomisera Rakotovao Jean Christian, raha nahazo vaovao mikasika tovolahy iray nisandoka andraikitra sy nametsifetsy olona tao Toamasina. Nanaovan'ireo mpitandro filaminana velapandrika ka tra-tehaka soa aman-tsara ny herinandro lasa teo. Nilaza ho mahatafiditra mpiasam-panjakana sy nilaza ho manana entana mila avoaka ny seranantsambo ka naka vola tamina vehivavy iray efa



*Ny kaomisera ao amin'ny Boriboritany I Toamasina.*

noraisiny ho namany kanjo nofitahiny avy eo. Rehefa nanao ny fanadihadihana sy fikarohana ny mpitandro filaminana dia hita fa na dia ny karapanondrom-pirenenan'ity ranamana ity aza dia efa hosoka ihany koa ka mampiasa karapanondro roa samihafa daty nahaterahana sy adiresy ipetrahana izy amin'izany. Rehefa nandeha ny fanadihadihana dia niaiky ny heloka nataony izy. Miantso ny rehetra ho mailo manoloana ny asa fisolokiana toy izao ny kaomisera tompon'andraikitra, ary manambara etoana fa tsy azo ekena ka ataon' izy ireo vaindohan-draharaha ny hamongotra ny tontakely sy mpanambaka vahoaka toy itony izay mambotry firenena. Aorian'izao dia atolotra ny fampanoavana ity ranamana ity.

***Fanja Aina***

Fiarovana ny nofon-tany

## Velaran-tany hatrany amin'ny 4 000 000 ha ho rakofana

Lavitr'ezaka ny tanjona napetraky ny fitondrampanjaka Malagasy amin' ny fiarovana ny tontolo iainana, ary tsy moramora ny hanatrarana izany tanjona izany raha tsy miara-misalahy. Izany indrindra no antony nanatanterahana atrikasa narahina fanofanana ireo tompon'andraiki-panjakana tao amin'ny Hotel des Thèrmes Antsirabe nandritra ny 3 andro, nametrahana paikady sy tari-dia hanatrarana io tanjona goavana io. Tanjon'ny atrikasa ny hamoahan-kevitra hamerenana sy hanarenana indray ny faritra voajary manerana an'i Madagasikara ka ho an'i Vakinankaratra manokana no nanofanana ireo tompon'andraikitra ireo. Feno dia feno ny fandaharam-potoana ho an' ireo mpizaika satria ny tanjona dia ny hanatrarana ny R.P.F na ny «Restauration des Paysages Forestiers ». Sehatr'asa sy Departemanta maro no miaramisalahy amin'izao atrikasa izao dia ny avy ao amin'ny ministeran'ny tontolo iainana sy ny ala ary ny ekolojia, ny departemantan'ny fanajariana ny tany sy ny fananantany, ny fambolena sy ny fiompiana, ny rano sy ny fidiovana sy ny fanadiovana ary ny Angôvo sy ny akoran'afo. Ireo rehetra ireo no hifanome tanana amin'ny fametrahana ny paikady rehetra ary miara-miombon'antoka ny « Coopération Allemande » amin'ny alalan'ny Page-GIZ. Nanokatra sy nanome voninahitra izao atrik'asa izao ny Préfet eto Antsirabe Ramatoa Andriatomponera Voahangiarimino, ny tale miadidy ny fampandrosoana eo anivon'ny Faritra Vakinankaratra Andriamatoa Rakotoarivelo Rivo Herindray, teo ihany koa izay tompo-marika voalohany amin'ny fikajiana ny tontolo iainana ny talem-paritry ny tontolo iainana sy ny ala Ramatoa Ratefason Tojotsara. Raha ny fanazavana nomen'Andriamatoa Julien Noel Rakotoarisoa, tompon'andraikitra avy eo anivon'ny Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny ala ary ny hay voahary dia tanjona ny hamerina indray fandrakofana velaran-tany hatrany amin'ny 4.000.000 Ha hatrany amin'ny taona 2030, ka tsy voatery ho ala izany fa rehefa mety voly afaka miaro ny nofontany mba hiarovana ny fahapotehana sy ny maha ngazana ny tany.



*Ny ala anisan'ny miaro ny nofontany.*

***Solohery***

Tranga hafakely

## Mpamongady lasa nitsindroka zaoridira

Asa na izany ilay hoe totoam-bintana, na anjaran'ity fianakaviana ity mihitsy no lasa nahantra tampoka teo. Toy izao mantsy no fandehan'ny tantara : mpamongady etsy Andravoahangy izy mivady ireto. Avy any Antsirabe izy ireo no nifindra monina teto Antananarivo. Namidy mantsy ny fananany mba hanaovany varotra ambongadiny. Nandeha tsara ny tsena, ary tafita izy mivady satria nahavita trano sy nahazo fiara ihany koa. Mbola saiky hividy trano hafa indray aza satria be ny vola. Nanomboka teo nefa dia tsy azo ilay trano fa maty antoka ny fivarotana. Nisy olona napindramina vola fa tsy niverina, ilay ramatoa nanjary narary ary voatery niditra Hôpitaly mihitsy. Ilay rangahy sisa no manenjika ny fivarotana sy manara-maso ilay vadiny any amin'ny Hôpitaly. Reraka rangahy ary voatery namidy ny trano mba hitsaboana ilay vadiny. Tsy ampy nefa io fa nitsiaka moramora ihany koa ny vola tao amin'ny fivarotana ary lany tanteraka. Nitsilopilopy sisa izy mivady ary tsy maintsy nitady hevitra satria saiky lasa mpitsindroka zaoridira sisa satria tsy misy intsony ny hohanina. Mpividy entana tao aminy no nanoro hevitra azy mba hanatona eny amin'i Madame Noelah mpitsabo eny amin'ny 67 Ha atsimo, na hiantso azy amin'ny laharana 03313 090 13 sy ny 03461 328 62 ary ny 03269 479 94.

**Tratry ny fandraraka ilay tsena**

Mandeha be ny tsenanareo hoy ity mpitsabo ity ka nisy mpialona. Fandraraka no nataon'io olona io hoy izy, ary tsy lavitra io fa mpamongady eo akaikinareo ihany. Tsy mandeha mantsy ny azy hoy izy fa any aminareo daholo ny mpividy no mitangorona. Olona nirahiny hoy ity mpitsabo ity no namosavy anareo, ka vantany vao niditra tao am-pivarotana ianareo dia narary ramatoa ary tsy hisy vola hitsangana intsony fa ho lany tanteraka. Nokarakarain'ity mpitsabo ity tamin'ny alàlan'ny fanefitra manokana narahana fanadiovana azy mivady mba hamerina amin'ny laoniny ny vola miditra no natao. Nampitondraina fanintona ihany koa izy roa ary nalefa nody. Ny ampitson'iny ihany dia tonga nanatitra vola izay nindraminy ilay olona ary iny no niaingany indray avy eo. Nisy olona tonga nanohana ihany koa satria nahatsapa ny fiaraha-miasa teo aloha. Nanomboka teo dia velona tsara indray ny tsena ary nanomboka niverina daholo ireo fanana namidy teo aloha. Ankehitriny dia niverina ny fiaran'izy mivady, nahavita trano vaovao izy ary salama tsara ihany koa izy roa. Resy lahatra izy ireo, fa raha tsy nikarakara vatana teny amin'i Madame Noelah dia saiky lasa mpitsindroka zaoridira tokoa sisa. Tafita ihany izy roa na dia efa very hevitra tanteraka aza.

***Ny Akama***

## Taratasin'ny mpamaky

Momba ny lalana Frankofonia Tsarasaotra no itondrako fanamarihana eto. FANTARO NY ZAVA MISY . somary lavalava fa mba vakio hatramin'ny farany azafady ! Nahataitra anay vahoaka monina manamorona ny lalana frankofonia Tsarasaotra ny nahita ny famefena fanitso ny sisin'ny lalam-baovao izay najanona ho an'ny évacuation d'eau sy ny trottoir ary ny sisin-dalana faran' ny arabe ; nanomboka tamin'ny sabotsy 14 Jolay lasa teo ary tao anatin'ny 2 andro monja dia voafefy daholo izany . Raha tsiahivina dia tanimbary avokoa ireto lalana ireto talohan'ny fanamboarandalana ary nisy ny mponina izay efa nitoetra teo hatramin'ny naha Soavimasoandro ny anaran-tanàna ; rehefa nampiantso fanamboarandalana ny fanjakana dia nazava tsara ny tenin'ny teo anivon'ny fitondrana fa TSY ESORINA AMIN'NY TRANO IPETRAHANY NY MPONINA FA AVILIO NY LALANA; dia ny tanimbary no lasan'ny lalana ; fantatra ary naira-nivory hatrany ny mponina tompon'ny tanimbary lasan'ny lalana, ary niaraka teny foana. Tsisy n'inona n'inona taorian'ny fahavitan'ny ampahan-dalana hatramin'ny sabotsy lasa teo ; fa vao niteny indray ny teo anivon'ny fanjakana fa ho vitaina tanteraka izany lalana Frankofonia izany dia lasa nisy NIJORO HO TOMPONY HAFA tampotampoka teo , izay nilaza fa azy ny tanimbary ary voalaza fa VAHINY izany tompony vaovao izany. MAHAGAGA !!!! dia ho aiza ndray zany izahay mponina fa alainy ny tany ? F'ANGAHA MOA AZO ANAOVANA FANORENANA SY FANOTOFANA NY SISIN-DALANA NATOKANA HO AN'NY TROTTOIR SY NY FANARIAN-DRANO ? farany Iza no mba hihaino ny antsoantsonay vahoaka reraky ny adim-piainana sy fahantrana lava sy ny fanilikilihana ataon'ny VAHINY amin'ny tanin'ny MALAGASY , fa ny hafatra dia hoe HO AVY ANIE ITY FIFIDIANANA ITY E ! Efa fantatray vahoaka ny ho fidianay sy ny hita fa miaro anay.

***Ny Volana Diamondra Randrianarison***
***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka sy Helisoa

Ny filoha Ravalomanana niara-niombombavaka sy nihaona tamin'ny vahoakan'Arivonimamo sy Miarinarivo ny faran'ny herinandro teo.













Ny iraka avy amin'ny tananan'i Paris nanao dinikasa niaraka tamin'ny tompon'andraikitry ny CUA Antananarivo Renivohitra.



